



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitievana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Fanambaran'ny Filoha Andry Rajoelina sy ny Filoha Paul Kagamé tamin'ny mpanao gazety

Taorian'ny matso teny amin'ny Kianjaben'i Mahamasina dia nanao fanambarana tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny lapam-panjakana lavoloha ny Filoha Andry Rajoelina sy ny Filoha Paul Kagamé ny harivan'ny 26 jona 2019.

Ny voalohan-tenin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina dia ho an'ireo niharam-boina nandritra ny fifanosehana tao Mahamasina. Naneho ny fiaraha-miory amin'ireo fianakaviana ny tenany ary nanambara fa ho raisin'ny fitondram-panjakana an-tanana ny fitsaboana ireo maratra.

Mikasika ny fifandraisana eo amin'i Rwanda sy Madagasikara kosa dia nanambara ny Filoham-pirenena Malagasy fa izao nahatongavan'ny filoha rwandais eto amintsika izao dia hanamafy orina ny fifandraisana eo amin'ny firenena roa tonta. Nidera manokana ny paik'ady fampandrosoana nampiharina i Filoha Paul Kagamé ny tenany izay nahatonga an'i Rwanda ho isan'ny firenena mandroso indrindra eto Afrika. Mikasa ny hanaraka ny dian'i Rwanda eo amin'ny lalan'ny fampandrosoana i Madagasikara ary efa nanaporofy ny fahavononany amin'izany tamin'ireo hetsika nataon'ny fitondram-panjakana hatramin'ny fiandohan'ity taona ity.

Ny Filoha Paul Kagamé kosa dia nankasitraka sy nisaotra ny vahoaka Malagasy tamin'ny fandraisana azy ary naneho ihany koa ny fiaraha-miory ho an'ireo izay namoy ny ainy nandritra ny loza niseho tao Mahamasina. Naneho ny fahavononany ihany koa moa ny tenany ny hifampizara ireo traikefan'i Rwanda indrindra ireo izay mety hahasoa ny firenena Malagasy. Teo am-pamaranana dia nanasa ny filoha Andry Rajoelina izy hanao fitsidihana ofisialy any Rwanda.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
26-06-2019